

**A EFESOSY. 31 - 100. Hatramin'ny nahafatesan'i Jaona.**

**B SMYRNA. 100 - 323. Hatramin'ny fiovam-pon'i Constantin.**

- ❖ Ny fiangonana any Smyrna no fiangonan'ny martiora. Na iza na iza no nanda tsy hiankohoka tamin'ny amperora dia naiditra am-ponja ary novonoina.
- ❖ Tsy nanamarika fahalemena manokana Jesosy teo amin'ity fiangonana ity. Nanome toro-hevitra izay nampahery ny Kristiana nandritra ny taonjato nifandimby izy: “Aza matahotra... Aoka ho mahatoky hatramin'ny fahafatesana ianao, dia homeko anao ny satro-boninahitra fiainana.” (Apokalypsy 2:10)

**D PERGAMOSY. 323 - 538. Hatramin'ny nanomezan'i Justinien fahefana ara-politika ny Papa.**

- ❖ Tamin'ny 29 BC no niankohofana voalohany ny amperora velona tamin'izany tany Pergamosy. Niankohofana tany koa ilay andriamanitra Asclépios.
- ❖ Nisy olona sasany tao am-piangonana nampianatra fa mety ny manao an'izany (Balama sy ny Nikolaita)
- ❖ Nomen'i Jesosy tombony hibebaka izy ireo. Raha tsy manao izany izy, dia hofaizina amin'ilay sabatra maranitra mivoaka avy eo amin'ny vavany.
- ❖ Nitontongana ny hery ara-pampianarana sy ara-panahin'ny Fiangonana teo anelanelan'ny taonjato faha-4 syfaha-6. Nila ny mofon'aina izy (“mana miafina”) toa antsika ankehitriny.

**E TYATIRA. 538 - 1517. Hatramin'ny Fanavaozana nataon'i Luther.**

- ❖ Tao Tyatira, dia tsy maintsy nandray anjara tamin'ireo fomba amam-panao jentilisa tao amin'ny tempoliny ny mpanao asa tanana mba ho voaray ho anisan'ny mpikambana. Namporisika ny Kristiana ny mpitondra fiangonana mba hanao marimaritra iraisana (ireo no antsoina hoe “Jezebel” ao amin'ny Apokalypsy).
- ❖ Nandritra ny Taonjato Antenatenany, dia nanana zotopo lehibe tokoa teo amin'ny fivavahana ireo vahoaka tsy dia nahita fianarana (2:19), saingy ny mpitondra Fiangonana no nandoto ny finoana Kristiana. Tamin'ny 538 AD, nomen'ny Fanjakana fahefana izy ireo. Nosoloany ny fanelanelan'ny olona ny fanelanelan'i Kristy, ary nampianatra izy fa azo vidiana na sandaina amin'ny asa ny fanavotana.

**F SARDISY. 1517 - 1798. Hatramin'ny nanagadrana ny Papa.**

- ❖ Tamin'ny 1517, nanandratra avo ny fahamarinana indray ny Fanavaozana. Kanefa, teo anelanelan'ny 1565 sy 1740, dia nitontongana indray ilay fiangonana noavaozina ka nanjary mpanaraka fomba fotsiny fa tsy nisy aina.
- ❖ Mangataka amintsika Jesosy Kristy mba hikatsaka fahamboniana ara-panahy sy hihazona ho madio ny finoantsika. Homeny fitafiana fotsy isika.

**G FILADELFIA. 1798 - 1844. Hatramin'ny faran'ny 2300 andro.**


- ❖ Tamin'ny fiafaran'ny taonjato faha-18 no nanomboka ny fifohazana ara-pivavahana faobe ary nitohy hatramin'ny antenatenan'ny taonjato faha-19.
- ❖ Tsy misy teny fanankianana ho an'ity fiangonana ity, fa “varavarana mivoha”, topi-maso ho amin'ny fahamarinana ara-panahy momban'ny Fitoerana Masina any an-danitra.
- ❖ Amporisihina isika hihazona mafy izay efa ananantsika. Hapetrak'i Jesosy amintsika ny toetrany (ny anarany), ary hiaraka hiaina Aminy mandrakizay isika.

**H LAODICEA. 1844 -... Hatramin'ny Farany.**

- ❖ Nanankarena noho ny varotra ny Laodikiana, sy noho ny volon'ondry mainty sarobidiny, ary ny ody maso Phrygienne nananany. Nisy ranomafana teo akaiky ny tanàna, tao Hiéropolis. Notaritina nankao an-tanàna tamin'ny alalan'ny tetezan-drano lehibe io rano io.
- ❖ Tsy mba nisy zavatra tsara nosoratana momba an'ity fiangonana ity. Fantatr'i Jesosy ny momba ny fiainam-panahin'ny tsirairay avy amintsika ary mandrisika antsika izy hangataka Aminy izay rehetra ilaintsika.
  - Volamena: Finoana (1 Petera 1:7)
  - Fitafiana fotsy: Famonjena sy fahamarinana (Isaia 61:10)
  - Ody maso: Fahiratana ara-panahy (Efesiana 1:17-18)
- ❖ Mandodona eo am-baravarana'ny fontsika am-paharetana izy. Raha avelantsika miditra izy ary miaina miaraka Aminy isika, dia hiara-mipetraka Aminy eo amin'ny seza fiandrianany.

Tena mahatalanjona tokoa ny fampiasan'Andriamanitra ireo toetra mampiavaka ireto fiangonana fito voalaza manokana any Azia (nisy fiangonana maro tany) ireto mba hanehoana ny ho avin'ny tantaran'ny Fiangonana.

Mifandray tsiroaroa araka ny fandaha-teny Jiosy ireo hafatra: ny voalohany mifandray amin'ny fahafito, ny faharoa mifandray amin'ny fahaenina, ny fahatelo mifandray amin'ny fahadimy, ary ny fahaefatra dia manana fitarana indroa (fanoritsoritana ny vanim-potoana maizina indrindra teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana).



Ny hafatra tsirairay dia voarafitra toy izao:

- a) Fanehoana an'i Jesosy
- b) Fanombanana ilay fiangonana
  - ❖ Ny heriny
  - ❖ Ny fahalemeny
- c) Toro-hevitra
- d) Antso sy teny fikasana <sup>(\*)</sup>

(\*) Ireo fiangonana telo voalohany dia nahazo <sup>(1)</sup> antso hihaino sy <sup>(2)</sup> teny fikasana.

Ny fiangonana efatra farany dia nahazo <sup>(1)</sup> teny fikasana, sy <sup>(2)</sup> antso hihaino.